## Ny Valosoa sy hadihady

### 7 Febroary, 13 taona lasa izay

# Lasa mpizara hani-masaka sisa ny Filoha Rajoelina mivady

Fifandrifin-javatra sa ahoana, fa dia miverina indray ilay isa telo ambinifolo izay isa tsy mitondra fampandrosoana sy fivoarana ho an'ity Firenena ity velively. Niovaova tsy misy farany ny vina noraisin'ny filohan'ny Repoblika, ka ny IEM nanjary PEM nomena anarana Plan Marshall indray ary ny niafarany dia lasa velirano 13. Natomboka tamin'ny Làlampirenena faha-13 (RN13) ny fotodrafitrasa, ka nanao velirano Rajoelina Andry, fa tsy hanao politika intsony raha tsy vita ity Làlam-pirenena ity. Lasa ny telo taona tsy mbola tanteraka izany kanefa mbola manohy ny politikany sy ny fampanantenana ny filohan'ny mpanatanteraka, ka tsy fantatra intsony na ireo ekipany no tsy maharaka ny TGV, na ity farany mihitsy no mbola mi-patinina an-toerana. Telo ambinifolo taona (13) lasa, ny 7 febroary, no nanirahany ireo « vahoaka » teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey haka ny Lapam-panjakanan' Ambohitsorohitra, ka ny Praiminisitra « an-tsisikoditra », Monja Roindefo, no nitarika an'izany. Nanatitra voninkazo tetsy amin'ny tsangambatom-pahatsiarovana ity daty ity Rajoelina Andry, telo ambinifolo taona aty aoriana. Raha ny marina dia tsy niteraka fanavaozana sy fampandrosoana ho an'ny Firenena ny marika "13". Niainga teo amin'ny Kianjan'ny "13" Mey ny hetsika ny 7 febroary 2009. Am-polony maro no namoy ny ainy lavon'ny bala, tsy ilaina ny milaza hoe iza no nitifitra ary avy aiza no niainga izany, fa ny naterak'izany dia niongana teo amin'ny fitondrana Ravalomanana Marc ary nahazo ny anarana filohan'ny Tetezamita Rajoelina Andry. Na izany na tsy izany dia tsy nahazo ny fankatoavan'ny vondrona iraisam-pirenena ity mpanongam-panjakana ity, ka nomen'ny iraisam-pirenena voninahitra malaza ho "personne sans qualité". Araka izany dia tsy nisy fanovàna ara-politika sy ara-tsosialy ary tsy nisy fampandrosoana ara-toekarena teto amin'ny Nosy nandritra ny dimy taona nitantanan-dRajoelina Andry ny tetezamita na dia niainga tamin'ny marika "13" aza ny hetsika. Nirotsaka kandidà ho Filohampirenena indray izy ny taona 2018 ary ny laharana faha-"13" no nisalorany. Tsy ho resahina ny "doublon" sy ny hosoka ary ny hala-bato nitarika fitoriana teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy fanambaran'ny filoha lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana Thierry Rakotonarivo, fa dia lany ho filohan'ny Repoblika IV andiany faharoa izy araka ny didy tsy azo ivalozana navoakan'io fitsarana io. Ny zava-misy iainan'ny Malagasy amin'izao "13" taona aorian'ny "7" febroary 2009 sy ny telo taona nitondran-dRajoelina Andry izao dia miiba "-7" ny harinkarena faoben'ny Firenena Malagasy. Tsy misy laharampamehana ny tetikasa nofaritan'ny velirano "13", fa misambadidaka fotsiny izao fitondrana izao, ka manjaka ny asan-jiolahy tsy an-tanàn-dehibe, tsy eny ambanivohitra, ka mandry tsy lavo loha ny valala tsy mandadiharona. Tsy mitsahatra miakatra ny vidim-piainana, tsy misy intsony ny saranga an-tenantenany fa valo isan-jato dia milomano ao anaty harena be, fa ny roambisivifolo isanjato kosa dia sahirana vao mahita hanin-kohanina. Ny zava-doza dia zarin'ny fitondrana tolotolorana ny vahoaka, fa tsy manangana orinasa, araka ny fampanantenana telo taona lasa izay, isaky ny distrika mba hanana asa ny tanora. Omena tany sy anorenana trano kely hisitrihan'ny lohany, omena omby vavy be ronono sy masomboly ny tanora vitsivitsy kanefa manerana ny Nosy ny tanora tsy manana asa, fa tsy any amin'ireny toerana ireny ihany. Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza roa dia nafindra toerana ireo traboina, na dia tsy mbola ritra aza ny rano any amin'ny fonenany dia terena hiverina any amin'ny trano fonenany ireo traboina. Ny antony dia hasaina hividy ny vary mora sy ny menaka mora ny mponina, kanefa fanomezana maimaimpoana avy any amin'ny vondrona iraisam-pirenena ireny. Tsy voafehin'ny fitondrana ihany koa ny valanaretina covid-19, ka arakaraky ny tranga misy no hihazakazahan'ny mpitondra. Lasa mpizara hani-masaka sisa no anjara asan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina sy ny vadiny, ka tsizarizary, na tsy mandeha amin'izay laoniny mihitsy, ny fitantanana ny Firenena. Ka tsy ny famohazana fotamandry ny 7 febroary no hanadinoin'ny vahoaka natao sorona ny tsy fahombiazan'izao fitondrana izao. Tsy mitondra na inona na inona eo amin'ny fiainam-bahoaka sady tsy mitondra fampandrosoana ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra ny marika "13", satria tsy niainga mihitsy ilay lamasinina haingam-pandeha ary izay novinaina ho tanterahina tsy nisy nitsangana.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy laharam-pahamehana ny teleferika hoy ny depiote IRD/MAPAR Brunelle Razafitsiandraofa

**Fenohanitra Tianasoa :** sur, marina mihitsy ny azy.
**Andriamizaka Rabiazarison :** marina ny azy.
**Lova Asimbola :** nareo ihany no nandany ny lalàna tamin'izany.
**Ravao Noro :** tsy isan'ny nanangana tanana izany izy? Courage nareo ao Ikongo sy ny traboina rehetra.
**Noro Ramanoarison Rafidison:** izany mba olona misaina, fa tsy matin'ny oeraoera. Misaotra anao.
**Baoly Harisoa :** tsy aleo ve ampiasaina hanarenana ireo tanàna ravan'ny cyclone ny vola ?
**Randimbindrainy Ben Elyah:** zao zany r' ingahy député vao enclavé Ikongo? Taiza foana ianao hatramin'izay?
**Rh Rakotoariniaina:** MBA misy saina marina izany. Tsy olona manao oui Pdt, oui Pdt fotsiny!
**Andri Pa:** ka tsy ianareo ihany ve no nandany an'io ry zoky a?
**Jocelyn Tovolaza:** manahira ihany laha olo Ka raha izy hivōla Ka raha io. Firy tao ma agnao Député ta Ikongo tao, fa Dia ratsy ihany io lala io hatramin'zao ty?
**Mihamitse Emile:** EFA NOLANINAREO teny @ ANTENIMIERA fa hatao le raha, Dia anio ianao milaza hevitsy hafa, MBA ho hitan'ny VAHOAKANAO vé fa oe miady hoazy ireo ianao, nefa cinéma sisa io ataonao io?
**Rafano Lepapa:** marina ny azy ary aleo izy mba hiteny e.raha resaka antenimiera indray mety be no vitsy angamba□.ny resaka làlana any ikongo efa nisy dingana lehibe nataony raha tsy diso za ary zava- dehibe ta@ ireo vahoaka izany.Tanàna lavitra Andriana raha ikongo izany tahaka an'i maintirano sy ny hafa fa amorainareo ety ivelany fotsiny @ fanakonana ny telepherique.raha mety efa nahita nareo dia mety tsy hiteny an'izany akory.eny e io aloha no misy fa resaka tsy maintsy atao.
**Willy Florent Rasolomanana:** ity kosa aloa tena laviko, mbola be dia be tokoa ny zavatra priorite fa mbola tsy any @ io resaka telefirika no tokony mahamaika ... ilaina tsika io fa mbola tsy fotoanany zao, mety afaka 20 ataona any angamba.

Erico Ramiandrisoa, mpandinika politika

# Tokony ho soloina izay tsy mahavita ny asa ankinina aminy

Milaza ny fanehoan-kevitry momba ny raharahampirenena amin'izao fotoana, Erico Ramiandrisoa mpandinika politika sy toekarena:"Raha ny fahitako azy aloha dia efa tsy fotoan'ny andraso andraso intsony izao, fa mila manao jery todika ny lasa ny Filoha mba hanatsara ny ho avy. Tsy eo amin'ny asa ihany fa indrindra ny namana iarahana miasa ihany koa. Satria miankina amin'ireny olona ireny no ahantateraka ny velirano nifanaovany tamin' ny vahoaka Malagasy fa tsy vitan'ny Filoha irery. Mila mijery ny namana tia sy mikaroka ny mahasoa ny Filoha, fa tsy ny tia ny mahafinaritra anio fotsiny. Isan'izany ireo olona tomponandraikitra voalohany any amin'ny faritra, nomen'ny filoha ampahany amin'ny fahefana nampindramin'ny vahoaka azy, mba hanantateraka sy hampipaka an'ireny velirano nifanaovany tamin' ny vahoaka ireny eny ifotony any amin'ny faritra misy azy avy.

Raha ny tokony ho izy dia samy miara-mandroso miaraka ny faritra rehetra fa tsy misy voalohany sy farany izany, nefa noho ny tsy fahaizan'ny Governora sasany dia tara ny fampandroana any amin'ny faritra sasany.

Raha hanome ohatra fotsiny aho tahaka ny faritra Atsimo Atsinanana, tena raha misy faritra isan'ny manankarena indrindra eto Madagasikara dia raha tsy voalohany io faritra io dia faharoa, noho ny harena izay maro tsy voatanisa misy any, nefa dia malahelo aho milaza aminao fa faharoa amin' ny farany amin'ny faritra 23 eto Madagasikara iny faritra iny amintsika miresaka izao.

Izany ve hoy anao mba lojika? Noho ny inona no mahatonga an'izany dia noho ny fanaovan'ny Governora diantsokatra, amin'ny fanatanterahana ny asa fampandrosoana any an-toerana.

Efa miresaka iny faritra iny ihany isika, raha misy asa tsy afaka hialan'ny



*Erico Ramiandrisoa, mpandinika politika sy toekarena.*

Governora dia io resaka fanaovana lalana pavé io. Nefa ny any amin'iny faritra iny ny hitan'ny maso dia pavé zara fa vita, tsy mba tahaka ny amin'ny faritra sasany.

Araka ny fanazavany dia ny entreprise nanao ny asa no nomeny tsiny dia hoy aho hoe iza moa no nanao ny selection ny Dossier- n'izy ireny? Tsy omena ny olona tokony hahavita azy ny asa, fa tsy hay ny ao ambadika matoa ny tsy ahavita no nomena azy, ka tsy afamiala amin izany ny Governora.

Entiko milaza fa tsy mahavita azy io Governora io, amintsika miteny izao dia simba ny Baka ao Masianaka ary dia tena miteraka fahasahiranan'ny mponina any an-toerana, satria ny réssource économique an'iny faritra iny dia amin'iny tapany atsimo iny, nefa dia tsy hita hoe inona ny fandraisana andraikitra raisina amin' izany? Vitan'ny Governora izany, ny Depiote raha ny fahitako azy dia efa manao ny tatitra amin' ny tompon'andraikitra aty amin'ny Ministera ary eto dia mitodika amin'ny minsitra, mba tokony ho jerena ny vahaolana amin' izay zavatra izay, fa sahirana ny mponina any tsy misy ivoahany ny vokatra, raha ny ristourne azon'ny Région amin'iny toerana iny, tokony hahavita azy fa dia eo mijanona eo.

Efa nisy tany aloha Baka tany Fenoambany dia ny Député no namaha olana tamin'izay, noho ny fahatsapany angamba ny fahasahiran'ny vahoaka na dia tsy asana Député aza izany.

Io amin'izay anefa ity dia jerena fotsiny eo, nefa commune maro no victime amin'ny fahasimban' io BAKAn'i Masianaka io, noho ny tsy afahana mamoaka vokatra.

Izany dia sombiny amin' ny tsy fahaizana mamaha olana raha toa ka any amin'iny toerana iny, no mampidi-bola be indrindra ao amin'ny Région noho ny ristourne. Hatreto dia mbola io Député io ihany no namaha vonjimaika ny fahasimban'io BAKA ao Masianaka io indray.

Ny pavé resahako anao teo efa sady mahazo fitaovana mahazo vola dia tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny asa.

Raha ny aminay iny aloha dia tsy tanteraka araka ny nampanantenaina ny velirano any noho ny tsy fahaiza-miasa ny Governora, na dia efa omena an' izao rehetra izao. Rariny raha io faharoa amin'ny farany io no misy ny faritra Atsimo Atsinanana, ary matahotra aho, fa raha mbola mitohy izao ka tsy misy olona afaka hi- rattrapé io rétard io dia mety amin'ny farany indrindra any no atahorako.

Ka noho izany rehetra izany dia mila olona tanora manana vision sy haingam-pandeha amin' ny fanantotosana ny asampampandrosoana iny Faritra Atsimo Atsinanana iny.

***Nangonin'Isambilo***